



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2023**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

**LAHARANA FAHA-263**

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY VOLAVOLAN-DALÀNA  
LAHARANA FAHA-011/2023 TAMIN'NY 24 MEY 2023 «AUTORISANT LA RATIFICATION DE  
L'ACCORD DE PRÊT RELATIF AU PROJET CONNECTIVITÉ NUMÉRIQUE ET ENERGÉTIQUE  
POUR L'INCLUSION À MADAGASCAR (DECIM), CONCLU LE 09 AVRIL 2023  
ENTRE LA RÉPUBLIQUE DE MADAGASCAR ET L'ASSOCIATION  
INTERNATIONALE DE DÉVELOPPEMENT (IDA)»**

Fivoriana faha-24  
Natao ny  
Alarobia 14 Jona 2023  
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa isany: - RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina  
- NAHARIMAMY Irmah Lucien

**FOTOANA:** Alarobia 14 Jona 2023, tamin'ny 11 ora sy 30 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2023 tamin'ny 24 Mey 2023 «autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au Projet Connectivité Numérique et Energétique pour l'Inclusion à Madagascar (DECIM), conclu le 09 avril 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)».

Nitohy ny Alarobia 14 Jona 2023, tamin'ny 11 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'Antananarivo no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina.

Taorian'izay, nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana anarana ny tenany ary nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Rehefa izany, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera, mba hamaky ny tatitra momba ny volavolan-dalàna, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

Nanatontosa izany, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, ka toy izao no fivakin'izany:

Nivory ny Talata faha-13 Jona 2023 tamin'ny 3 ora sy 30 minitra, tolak'andro, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana, ny Vaomieran'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary ny Teknolojia Vaovao ary ny Vaomieran'ny Angovo sy ny Rano nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2023 tamin'ny 24 Mey 2023 «autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au Projet Connectivité Numérique et Energétique pour l'Inclusion à Madagascar (DECIM)», conclu le 09 avril 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, no nitarika ny fivoriana.

Ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nivory;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMIASASOA Doda
2. ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
3. RAFIDIMANANA Narson
4. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
5. RANDRIAMANAMPISOA Alfred
6. RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
7. RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
8. FIENENA Richard

Ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary ny Teknolojia Vaovao tonga nivory dia Andriamatoa ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot.

Ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomiera Angovo sy ny Rano tonga nivory dia Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred.

Ny Solombavambahoaka tsy mpikambana amin'ny Vaomiera tonga nivory dia Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narinandrasana.

Tsy nisy tonga ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy Fanaovana Tetipivoarana.

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta tonga nivory;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- |    |                                |             |
|----|--------------------------------|-------------|
| 1. | ANDRIANTSOA Thierry            | SG/MEH      |
| 2. | RABEMANANJARA Muryelle         | DDP pi/MEF  |
| 3. | RAJAONARISOA Tahiry            | DGOVT/MNDPT |
| 4. | RAZAFINDRABE Haingo Mbolaso    | DDP/SADE    |
| 5. | RAKOTONINDRAINY Zoely Narindra | DDP/SASD    |
| 6. | ANDRIANAIVO Maria              | DAJ/MNDPT   |
| 7. | RASAMIMANANTSOA Olivia Rija    | DAF/MEH     |
| 8. | RAMANANTSOA Tovo               | DGI/MEH     |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nanome fitenenana ny teknisiana mba hanazava ny antonanton'ny Volavolan-dalàna.

Nandritra ny fandraisany fitenenana dia nambaran'ny teknisiana fa mizara roa lehibe ity famatsiam-bola izay vatsian'ny Banky Iraisam-pirenena ity:

- Ny mahakasika ny angovo;
- Ny mahakasika ny fampivoarana ny “numérique”.

Mahakasika ny angovo dia tanjona ny hampiroboroboana sy hahatonga izany ho takatry ny besinimaro, ka ny tetikasa dia hahafahana manatsara ny famatsiana herinaratra amin'ny alàlan'ny angovo azo avaozina. Vinavinaina fa malagasy miisa 10 tapitrisa avy amin'ny tokantrano miisa 500 000 eo ho eo no hahazo tombontsoa mivantana avy amin'ny tetikasa.

Ankehitriny dia 33% ny tahan'ny fisitrahana herinaratra, ka heverina fa hiampy 28,5% izany.

Isan'ny zava-dehibe ato amin'ny tetikasa ny hampiroboroboana ny fampivadiana ny famokarana herinaratra amin'ny alàlan'ny solika sy angovo azo avy amin'ny masoandro na ny "hybridation", ka toeram-pamokarana miisa 32 no voakasik'izany. Ho an'ireo toerana tsy mbola misy fotodrafitrasa hahafahana mamokatra herinaratra na ivelan'ny tambazotra dia hisy ny famatsiana "kits solaires" miisa 2 tapitrisa izay jifaina amin'ny vidiny mirary.

Manodidina ny 3 000 ireo toeram-piasana sy sekoly ary toeram-pitsaboana afaka hisitraka herinaratra avy amin'ny angovo azo avaozina. Tanjona ao anatin'ny tetikasa ihany koa ny hanaovana fanavaozana (réforme) ireo lalàna mifehy ny sehatry ny angovo, ka voakasik'izany ohatra ny ARELEC, ny ADER, ny "Fonds National de l'Énergie Renouvelable" ary ny "efficacité énergétique».

Ireo tanjona eo amin'ny lafiny nomerika kosa dia ny:

- Hampiroboroboana ny "connexion 3G", ka kendrena manokana amin'izany ireo toerana ambanivohitra. Marihana fa 75% no toerana voarakotr'io 3G io ankehitriny. Kasaina hampitomboina ho 80% izany;
- Hampidinana ny sandan'ny «connexion internet» izay 0,90 Dolara ankehitriny. Sanda izay tena efa mora raha oharina amin'ny aty Afrika saingy lafo kosa raha miohatra amin'ny fahefa-mividin'ny Malagasy;
- Hampitaovana ara-teknika ireo biraom-panjakana, toy ny Fokontany, ny CSB II, ny sekoly ary ireo hafa izay mety mila izany;
- Hampiroboroboana ny atao hoe "taux de pénétration mobile" na ny fahazoana misitraka "internet" izay mbola manodididna ny 32% ankehitriny;
- Fanentanana ireo mpandraharaha ara-pifandraisana mba hikendry manokana ireo toerana lavitra na ambanivohitra;
- Fampiroboroboana ny fanabeazana ara-nomerika sy ny fampitaovana.

Toy izao ny mahakasika ny findramam-bola:

- Vola indramina: 400 Tapitrisa USD na 1 726 144 000 000 MGA;
- 12 taona no hamerenana ny vola, ka ny 6 taona voalohany dia tsy andoavana renivola;
- Ny «Commission de service» sy ny tahan-janabola dia 0%;
- Ny «Commission d'engagement» izay voakitra ao amin'ny «convention de financement» dia tsy mihoatra ny 0,5%, saingy hatreto aloha dia mbola 0% no nametrahany Banky Iraisam-pirenena izany;
- Indroa isan-taona ny famerenana ny vola, ka 33,33 Tapitrisa Dolara isaky ny mamerina no atao;
- Ny "éléments don" na fanomezana ao anatin'ny famatsiam-bola dia 36,09%.

Ny Minisiteran'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary ny Haitao ara-kajy Mirindra sy ny Minisiteran'ny Angovo sy ny Akoran'afo no hanatanteraka ny tetikasa, izay haharitra hatramin'ny 31 Martsa 2028.

Taorian'zay dia niroso tamin'ny fanaovana fanamarihana ny mpivory.

**FANAMARIHANA:**

- Mila ampiana ireo antontan-kevitra voarakitra ao anatin’ny “fiche technique” izay tokony ho voafaritra mazava tsara. Tokony hatao amin’ny teny Frantsay na Malagasy ireo antontan-kevitra voarakitra ao amin’ny boky mitondra ny lohateny hoe “Financing Agreement”.
- Mahakasika ny antso tolo-bidy na «appel d’offre» amin’ny fanatanterahana ny tetikasa dia tokony ho orinasa miorina eto an-toerana no hampandraketina ny asa. Izany dia mba hifehezana ny vola tsy hivoaka any ivelany, ka hanome aina ny sadambola Ariary.
- Koa satria ny Malagasy rehetra no hamerina ity findramam-bola ity dia tokony tsy hisy hadino ny Faritra rehetra hatrany amin’ny Kaominina sy Fokontany manerana an’i Madagasikara.
- Nisy tamin’ny fanontaniana napetrak’ireo Solombavambahoaka no tsy nahazoana valiny mahakasika ny vola indramin’ny Firenena kanefa omena ireo orinasa tsy miakina (opérateurs en télécommunication) izay mbola hivarotra ny vokatra vokarin’ny amin’ny vahoaka indray avy eo.

Taorian’izay, niroso tamin’ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

**FANONTANIANA SY VALINY:**

1. Ny “kits solaires” resahana ao anatin’izao volavolan-dalàna izao ve no nolazaina nandritra ny tatitry ny Minisitera misahana ny Angovo sy ny Ankoran’Afo farany teo?  
*Tetikasa hafa mihitsy no noresahana eto saingy hanampy ireo “kits solaires” mora izay efa nozaraina hatramin’izao.*
2. Nisy fanadihadiana natao ve nahafahana namoaka ireo antontan’isa voarakitra ato anatin’ny antontan-kevitra ny tetikasa?  
*Niainga tamin’ny antontan-kevitra efa misy ny fitsirihana ka isan’ny nanampy betsaka tamin’izany ny avy amin’ny orinasa JIRAMA.*
3. Inona no tanjona amin’ny “alphabétisation numérique” ary ahoana no fomba hanatanterahana izany manoloana ny vahoaka izay mbola betsaka no tsy mahay mamaky teny sy manoratra?  
*Ny tanjona dia ny hampitovy lenta ny mponina an-drenivohitra sy ambanivohitra. Ankehitriny dia efa misy BUS TIC izay misy “connexion internet” sy fitaovana “informatique” izay mandeha lavitra sy mitety tanàna maro, ka ny tanjona amin’izany dia ny hifampizarana sy hanamparitanana ny fampiofanana mahakasika ny “informatique”.*
4. Manao ahoana ny fitsinjarana ny vola 400 Tapitrisa USD?  
*Mahakasika ny fitsinjarana ny famatsiam-bola dia:*
  - 150 Tapitrisa USD ho an’ny Minisiteran’ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary ny Haitao ara-kajy Mirindra
  - 250 Tapitrisa USD kosa ny an’ny Minisiteran’ny Angovo sy ny Akoran’afy
5. Raha ny volavolan-dalàna mahakasika ny findram-bola nandalo sy nahazo fankatoavana teto anivon’ny parlemanta dia efa betsaka, ka sao mba efa hahatratra ny fetra isika?

*Raha ny fetran'ny findramam-bola napetraky ny FMI dia mbola voahajan'ny Fitondram-panjakana tanteraka izany ary tsy misy ahiahy ny amin'ny tsy fahafahana mamerina ireo vola nindramina.*

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fankatoavana ny volavolan-dalàna ny mpivory.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana mandray fanapahan-kevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Rehefa izany, nankatoavin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2023 tamin'ny 24 Mey 2023 «*autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au Projet Connectivité Numérique et Énergétique pour l'Inclusion à Madagascar (DECIM), conclu le 09 avril 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)*» ary hoentina eny anivon'ny fivoriambe mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 5 ora, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa RAFIDIMANANA Narsion, tamin'ny namakiany ny tatitra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba izany ny mpivory.

Tsy nanana fanamarihana sy fanitsiana mikasika ny tatitra ny Solombavambahoaka, ka nomena avy hatrany ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana raha misy fanamarihana hoentiny.

Fiarahabana ny rehetra no nataon'Andriamatoa RAZAFINDRAMALO Tahiana, Minisitry ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary ny Haitao Ara-kajy Mirindra, raha nomena fitenenana ny tenany.

Rehefa izany, nambarany fa misy fanamarihana hataony.

Voalohany, ao amin'ny pejy faha-3: momba ny sandan'ny "connexion internet" izay 1,25 fa tsy 0,90 Dolara. Ny tanjona dia hampidina azy ho 0,90 Dolara.

Faharoa, amin'io pejy faha-3 io ihany; teboka faha-4 amin'ny fampiroboroboana ny atao hoe "taux de pénétration mobile", 22% ny antsika amin'izao fotoana izao, fa 32% kosa no tanjona.

Fanamarihana farany, ao amin'ny pejy faha-5, ny fitsinjarana ny 400 Tapitrisa Dolara: ho an'ny sehatry ny paositra sy ny fifandraisan-davitra, fa tsy ho an'ny Minisitery. Izany hoe, 150 Tapitrisa Dolara ho an'ny sehatry ny paositra sy ny fifandraisan-davitra ary ny haitao ara-kajy mirindra ary ny 250 Tapitrisa Dolara ho an'ny sehatry ny angovo sy ny akoran'afo.

Fisaorana no nataon'Andriamatoa Mpitarika fivoriana ho an'Andriamatoa Minisitry taorian'izay ary nambarany koa fa omena fitenenana izy mba hamelabelatra amin'ny ankapobeny ny volavolan-dalàna.

Toy izao no fanazavana nataon'Andriamatoa RAZAFINDRAMALO Tahiana, Minisitry ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary ny Haitao Ara-kajy Mirindra, raha nandray fitenenana: marihana fa niarahana nandinika tamin'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika, Andry Nirina RAJOELINA ny famolavolana ity tetikasa ity.

Noho ny fahatsapana ny fisian'ny fahasahiranana eo amin'ny mpiray tanindrazana amintsika no antony namolavolana izao tetikasa hahazoana fotodrafitrasa momba ny fifandraisana sy ny angovo izao. Ankehitriny, fantatra fa mihazakazaka ny fivoaran'ny teknolojia, ohatra amin'izany, ny resaka "digitalisation" izay efa ampiasaina amin'ny sehatra maro eto amintsika.

Ny tanjona amin'izany dia mba hahafahan'ny fitondram-panjakana mifampizara amin'ny lafiny roa araka ny voalazan'ny tatitra teo: voalohany, mikasika ny angovo ary ny faharoa, momba ny haitao ara-kajy mirindra na ny nomerika.

Araka ny voalaza teo, 400 Tapitrisa Dolara ny vola vinavinaina hotsinjaraina amin'ny tetikasa, ka ny 250 Tapitrisa Dolara no hisahanana ny angovo ary tafiditra ao anatin'izany ny Minisitera isan-karazany sy ny Andrimpanjakana rehetra izay misehatra amin'ny resaka angovo. Ohatra, ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena ary ireo sehatra tsy miankina hafa ihany koa.

Ny tanjona amin'ity fotodrafitrasa ity, indrindra mikasika ny angovo, satria mbola ambany, eo amin'ny 33% eo no tahan'ny fisitrahana herinaratra manerana an'i Madagasikara amin'izao fotoana izao, koa natao ity tetikasa ity mba hahafahana mampitombo avo roa heny an'io taha io. Izany hoe, tokony hahatratra 66% isika amin'ny dimy taona ho avy. Ao anatin'ny fanatratrarana izany tanjona izany ny fametrahana ny "réseaux" maromaro eto amintsika, toy ny tany Morondava sy ny fametrahana izany amin'ireo Faritra mbola tsy misy azy. Nisy koa fanavaozana natao ho an'ireo Andrimpanjakana izay mbola tsy nisitraka ny fampiasana izany. Raha bangoina, fanatsarana sy fampitomboana ny fisitrahana no atao eo amin'ny lafiny famatsiana angovo.

Mikasika ny "objectif spécifique" kosa, araka ny tatitra teo, ny tanjona dia ny hisitrahana ny Malagasy miisa 10 Tapitrisa tombontsoa amin'ity tetikasa ity na koa tokenrano miisa 500 000 momba ny angovo azo avaozina mandritra ny dimy taona manaraka. Ao anatin'izany, kendrena ihany koa ny hahafahana mamokatra hatrany amin'ny 27 MW amin'ny herinaratra vokarina.

Raha miditra amin'ny resaka teknika lalindalina kokoa isika, hahatratra 1,9 Tapitrisa ny tokenrano hisitraka ny tetikasa ary maherin'ny ampahatelon'ireo no tokenrano tantanan'ny vehivavy. Izany hoe, anisan'ny hahazo tombony amin'ny fisitrahana herinaratra avy amin'ity tetikasa vaovao ity ny vehivavy sy ireo toerana tsy "connecté" amin'ny "réseau"-n'ny JIRAMA. Ao anatin'izay, tokenrano miisa eo amin'ny 100 000 no vinavinaina hahazo sy hisitraka tombontsoa avy amin'ny tetikasa ankaotra ireo voalaza teo aloha.

Ho an'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena ary ireo CSB kosa, kendrena ho 3 000 no isan'ny hahazo herinaratra amin'ny alàlan'ity tetikasa ity sady homena "connexion" koa izy ireo.

Eo amin'ny lafiny fifandraisan-davitra, betsaka ireo Solombavambahoaka mitarina aty aminay momba ny tsy fisian'ny "réseau" any ambanivohitra.

Araka ny voalaza tamin'ny tatitra teo, ny tanjona hotratrarina amin'ity tetikasa DECIM ity eto Madagasikara dia ny hahatratrarana hatrany amin'ny 3,4 Tapitrisa ny olona no hisitraka ny "internet haut débit", ao anatin'izay ny CSB II sy sekoly miisa 3 000 ary ny Kaominina miisa 1 695 manerana an'i Madagasikara.

Fanampin'izay, misy koa ny fampitaovana ny mpianatra, toy ny fanomezana "tablette" sy "smartphone 4G" miisa 830 any ho any.

Hampiharina amin'ny fampianarana ny "vulgarisation" sy "sensibilisation" amin'ny taranja nomerika, ka eritreretina any amin'ny 20 Tapitrisa ny olona hisitraka izany fanofanana izany ho an'ny Faritra rehetra manerana an'i Madagasikara.

Marihana, hoy Andriamatoa Minisitra, fa nisy ny fanarenana ny fifandraisan-davitra na ny "télécommunication", ka nahafahana nanao ny fanalefahana ny vidin'ny fifandraisana teto Madagasikara izany. Tsapa teo aloha, fa vitsy ny orinasa no afaka nanao izany fanalefahana ny vidin'ny fifandraisana izany.

Nampahatsiahiviny koa, fa miezaka ny fitondram-panjakana amin'ny fampandrosoana ny firenena amin'ny resaka angovo sy ny haitao ara-kajy mirindra satria raha tsy nisy ny ezaka atao ho tsy tonga tamin'izao tolotra nomen'ny Banky Iraisam-pirenena izao mihitsy isika. Raha ny marina, mba hahazoantsika fanatsarana ny fotodrafitrasa mikasika ity DECIM ity.

Marihana fa 250 Tapitrisa Dolara no tokony ho azontsika, saingy niady mafy tamin'ny Banky Iraisam-pirenena ny Filohampirenena, ka izay no nampiakatra azy ho 400 Tapitrisa Dolara araka io fifanarahana vita io. Isaorana azy manokana satria izay no teny nataonay tany am-boalohany tamin'ny fanazavana izao volavolan-dalàna izao hoe: Andriamatoa Filoha no anisan'ny niaraka taminay namolavola ny tetikasa.

Araka ny fantatra koa, misy olana foana ny sehatry ny angovo teo alohaloha teo, ka izay no antony hananganana an'izao fotodrafitrasa goavana izao. Izany hoe, mba hahafahana mamaha haingana araka izay azo atao an'izany olana misy amin'ny lafiny angovo izany.

Fisaorana ny rehetra naharitra nihaino azy tamin'ny fanazavana fohy nentiny no nataon'Andriamatoa Minisitra, taorian'izay.

Nisaotra azy koa, Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary nanambara fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory sady nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred, nambarany fa amin'ny maha Filohan'ny Vaomieran'ny Angovo azy no itenenany. Fisaorana ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra nampiditra ny volavolan-dalàna tao anaty lahadinika satria fifanarahana findramam-bola hitondra fampandrosoana ho an'ny firenena Malagasy no hita ao anatin'izany. Tsapa fa misy ny tsy fahampian'ny angovo ampiasaina eto amin'ny firenena hatramin'izay, amin'izao fotoana izao anefa, misy an'ity famatsiam-bola avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena ity mba hamahana ny olana vokat'izany tsy fahampiana izany.



Teo am-pamaranana ny teniny, nanentana ny Solombavambahoaka ny tenany mba handany ny volavolan-dalàna satria entina hampandrosoana ny firenena Malagasy ny vokatry ny asa hatao avy amin'izany tetikasa izany.

Raha nandray fitenenana kosa Andriamatoa FIENENA Richard Désiré, nambarany fa tsy manana olana momba ny volavolan-dalàna izy, fa fanontanina no hapetrany. Voalohany, momba sehatry ny fifandraisana, mahafaly ny naheno teo fa hosokafana any amin'ny Faritra rehetra izany; rahoviana no hisitraka izany ny Distrikan'i Manja izay nahavofidy azy.

Faharoa, amin'ny sehatry ny angovo: efa niresaka tamin'ny Sekretera Jereralin'ny Minisiteran'ny Angovo izahay mikasika ny "groupe" izay efa tokony hisolo any aminy. Rahoviana koa no hanoloana azy io satria mijaly ny vahoaka amin'ny fahatapahan-jiro matetika.

Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique kosa, raha nandray fitenenana, nambarany fa handany ny volavolan-dalàna ny Solombavambahoaka saingy nametrahany fanontaniana ny faharetan'ny "kits solaires" amin'ny zavatra rehetra tokony ho azo ampiasana azy. Ohatra, famahanana telefaonina, ny fitahirizana fanafody any amin'ny CSB II sy ny hafa koa.

Manao ahoana koa ny mikasika ny "hybridation", aiza no toerana hametrahana izay, iza avy ireo Distrika hitraka an'izany. Aiza ho aiza ny fangatahana "groupe" vaovao hanoloana ny ao Sakaraha satria efa antitra izany, tapaka lava koa ny jiro.

Rehefa nomena fitenenana Andriamatoa RAKOTORAHALAHY Modeste, nambarany fa anisany zavatra manahirana any amin'ny Distrika misy azy ny tsy fahazoana "plaque solaire" izay nampanantenaina kanefa hatramin'izao tsy tonga any an-toerana. Inona no antony tsy nahavitana izany; tahaka izay koa, efa nisy fangatahana mba hametrahana ny biraon'ny TVM sy ny RNM any an-toerana. Tsy nisy valiny izany hatramin'izao, ka aiza ho aiza ny momba azy ireo.

Fanentanana ny Solombavambahoka mba handany ny volavolan-dalàna no namaranany ny teniny.

Andriamatoa RANDRIANANDRAININA Théophile Christian, kosa nanambara fa mamely ny asandahalo, ratsy ny "connexion" any aminy. Noho izany, tokony haparitaka manerana an'i Madagasikara izay "réseau" matanjaka, toy ny an'ny "Airtel" satria betsaka ny olona any ambanivohitra no mampiasa azy satria ilaina amin'ny fandriam-pahalemana ny fampiasana azy. Mila hatsaraina noho ihany io resaka "réseau" io satria manahirana indraindray.

Fisaorana an'Andriamatoa Filoha Andry Nirina RAJOELINA, satria mandeha 24 ora amin'ny 24 ora ny jiro any aminy amin'izao fotoana izao.

Raha nomena fitenenana Andriamatoa RASOLOMANANA Beby Olivier, nambarany fa zava-dehibe ho an'i Madagasikara izao findramam-bola natao izao. Ny antony, izao tetikasa izao no ahafahana manatsara ny sehatry ny angovo eto amintsika izay tsapa fa tsy ampy.

Nangataka ny hijerena ny “groupe”-n’ny JIRAMA ao Mandritsara koa ny tenany satria efa antitra izany ka tokony hisolo.

Nambarany koa fa maro ny Kaominina any aminy no mbola tsy manana “kits solaires”, koa raha azo atao, mba tokony hojerena akaiky ny hahazoan’izy ireo an’izany.

Mikasika ny sehatry ny fifandraisana, niangaviany ny hanatsarana ny “réseau” satria tena ratsy izany raha ny Distrika nahavoafidy azy no asiana teny.

Andriamatoa PEPIN Michou kosa raha nandray fitenenana, nampahatsiahy an’Andriamatoa Minisitry, fa mirongatra ny tsy fandriam-pahalemana any aminy noho ny haratsin’ny fifandraisana sy ny tsy fahampian’ny angovo, ka tokony hojerena ny mikasika azy ireo. Ny antony, satria mba efa misy an’izao tetikasa izao, ka manantena ny hampidirana ny Distrika nahavoafidy azy ao anatin’izany.

Fanentanana ny Solombavambahoaka namany mba handany ny volavolan-dalàna no namaranany ny teniny.

Tamin’ny fandraisam-pitenenana nataon’Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré no nanambarany fa efa tamin’ny taona 1978 no nametrahana ny “groupe”-n’ny JIRAMA tao amin’ny Distrika nahavoafidy azy. Hatramin’izao anefa, tsy mbola nisolo na dia hita aza fa antitra izany. Eo anatrehan’izay, nangataka ny hanoloana izany ny tenany satria mijaly ny vahoaka any aminy noho ny fahatapahan’ny jiro matetika.

Taorian’izay, nisaotra ny Solombavambahoaka nandray fitenenana, Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary nanome fitenenana an’Andriamatoa Minisitry mba hamaly ny fanontaniana napetrak’izy ireo taminy.

Toy izao no fandraisam-pitenenana nataon’Andriamatoa RAZAFINDRAMALO Tahiana, Minisitry ny Fampiroboroboana ny Haitao Ara-kajy Mirindra, ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra: efa nisy ny fifampiresahana matetika tamin’ny teknisianan’ny Minisitry sy ny Solombavambavahoaka, ka efa eo an-dalam-pamahana ny olana amin’izao fotoana izao isika. Hotohizana hatrany ny fiaraha-miasa efa natao eo amintsika roa tonta satria ny Solombavambavahoaka no mahita ny zavatra maharary ny vahoaka any ifotony.

Raha ny momba ny Distrikan’i Benenitra manokana, efa nisy fidinana natao tany ary voamarina fa tena ratsy tokoa ny “réseau” any an-toerana.

Novinavinaina ho 200 Tapitrisa Dolara eo no vidin’ny “pylônes” amintsika miteny izao ary efa mandeha ny fifampiresahana eo amin’ny Minisitry sy ny orinasa voakasik’izany. Aorian’izay, havadika ho 4G daholo ny “réseaux” manerana an’i Madagasikara mba hialana amin’ny fahatapapahana matetika eo amin’ny fifandraisana.

Momba ny fiaraha-miasa eo amin’ny Minisiteran’ny Fampiroboroboana ny Haitao Ara-kajy Mirindra, ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary ny Minisiteran’ny Angovo sy ny Akoran’Afo, misy hatrany izany fiaraha-miasa izany hatramin’izay ka hatramin’izao. Izany hoe, tsy maintsy ampiasana angovo ny resaka fifandraisan-davitra.

Fanampin'izay, misy ihany koa fiaraha-miasa eo amin'ny fanjakana sy ny orinasa tsy miankina amin'ny fanjifana ny fifandraisana.

Momba ny “smart village” any amin'ny Distrikan'Ankazoabo kosa, efa nisy ny fifampiresahana tamin'ny Solombavambahoaka voafidy tany an-toerana, ka efa eo an-dalam-pijerena ny vahaolana mikasika izany ny Minisitery amin'izao fotoana izao.

Ho an'ny Distrikan'i Vohipeno indray, anisan'ny Minisitry mpiahy an'iny Faritra Fitovinany iny izahay, ka tsy hadino ny momba an'io Distrika iray io.

Taorian'izay, nomena an'Andriamatoa ANDRIANTSOA Thierry, Sekretera Jerenalin'ny Minisitery an'ny Angovo sy ny Akoran'Afo ny fitenenana, ka toy izao no nambarany: raha ity tetikasa DECIM ity no resahana, efa saika ao anatin'ny daholo ny Distrikan'ireo Solombavambahoaka nametraka fanontaniana teo ireo.

Marihana, fa rehefa lany eto anivon'ny Antenimierampirenena ity tetikasa ity dia hatao sahady ny “décaissement”-n'ny vola mba hahafahana miroso faran'izay haingana amin'ny fanatontosana ny asa.

Araka ny tovana ao amin'ny tatitra, misy Distrika roa hanaovana “hybridation” ao anatin'ity tetikasa ity ary nisy aza lasa aloha kelin'ny DECIM ny fanaovana izany.

Any amin'ny 50 MW any no hampiasaina rehefa hatao ny asa, ka anisan'izany ny Distrikan'Ankazoabo. Hojerena miaraka amin'izay ny Distrikan'i Vohipeno. Izany hoe, efa eo ampikarakarana ny tolo-bidy isika amin'izao fotoana izao.

Raha ho an'ny Distrikan'i Mandoto kosa, efa misy tany mirefy 32 Ha eo no natokana hanaovana ny tetikasa. Efa nalefa ny tolo-bidy, ka rehefa mivaly izany, tonga dia mandeha avy hatrany ny asa.

Momba ny fampanantenana nataon'Andriamatoa Minisitry ny Angovo sy ny Akoran'Afo, amin'ny hahazoan'ny Distrikan'i Mandoto jiro “cobra”, voaray ny hafatra ka hampitaina any aminy izany.

Mikasika ny “groupe” any amin'ny Distrikan'i Manja sy Ankazoabo indray, efa eo an-dalam-pijerena ny hanoloana izany isika amin'izao fotoana izao.

Taorian'izay, fisaorana no nataon'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, an'Andriamatoa Minisitry sy Andriamatoa Sekretera Jeneraly, tamin'ny famaliana ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka tamin'izy ireo.

Rehefa izany, nambarany fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2023 ny mpivory.

Nomarihany fa ahitana andininy miisa roa ny volavolan-dalàna ary araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, tsy azo kitihana ireo andininy ao anaty fifanarahana, fa na ankatoavina na tsipahana na ahemotra ny fandinihana azy.

Nambarany koa fa amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra dia ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 19 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny, tsy nisy nilaza fanemorana.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2023 tamin'ny 24 Mey 2023 «*autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au Projet Connectivité Numérique et Énergétique pour l'Inclusion à Madagascar (DECIM), conclu le 09 avril 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)*».

Taorian'izay, nomena fitenenana, Andriamatoa RAZAFINDRAMALO Tahiana, Minisitry ny Fampiroboroboana ny Haitao Ara-kajy Mirindra, ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra, ka fankasitrahana sy fisaorana ny Solombavambahoaka nandany ny volavolan-dalàna no nataony.

Nomarihany koa fa tsapa tamin'ny fanontaniana napetrak'izy ireo ny hetaheta amin'ny fahazoana ny tetikasa satria soa ho an'ny mpiara-belona ny fisiany ary indrindra ho fampandrosoana an'i Madagasikara eo amin'ny sehatry ny angovo sy ny fifandraisan-davitra.

Talohan'ny hiatohan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, ka ny Alakamisy 15 Jona 2023 sy ny Zoma 16 Jona 2023 amin'ny 10 ora, maraina, hivory ny Vaomieran'ny Ati-tany sy ny Fitsinjaram-pahefana, handinika ny volavolan-dalàna laharana faha-015/2023 tamin'ny 7 Jona 2023 "modifiant l'annexe n°01 de la loi n°2014-020 du 27 Septembre 2014 modifiée et complétée par la loi n°2021-012 et par la loi n°2018-011 du 11 Juillet 2018 relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections, ainsi qu'à l'organisation au fonctionnement et aux attributions de leurs organes", raha toa tonga eto izany volavolan-dalàna izany. Hatao ao amin'ny efitranon'ny Birao Maharitra ny fivoriana mikasika azy io.

Niato tamin'ny 1 ora sy 5 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona